# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Septambra 2018

# 30 **Alahady** septambra

**Izy *(Jesosy)* nitondra ny hazofijaliany, dia nankany amin'ny tany atao hoe Ikarandoha, izay atao amin'ny teny Hebreo hoe Golgota. Teo no nanomboana Azy tamin'ny hazofijaliana, ary nisy roa lahy koa niaraka taminy, iray avy teo an-daniny roa, ary Jesosy teo afovoany.** Jaona 19. 17, 18

**Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa.**
Asan'ny Apostoly 4. 12

### Teboka Aotra

Teboka Aotra (Ground Zero), no anarana nomena ny toerana nanaovana ny andrana voalohany tamin'ny fanapoahana atomika, tany Nouveau Mexique, any Etazonia, tamin'ny taona 1945. Tamin'io andro io dia nangorohoro ireo tompon-kevitra tamin'ny andrana, nahita ny hery mandripaka aina nananan' ilay zavatra noforonin'izy ireo. Ary herinandro vitsivitsy taorianan'izay, dia tanàna lehibe japoney roa no fongana, nipoahana baomba atomika roa. Io anarana io ihany koa no nomena ny toerana nisy ireo trano avobe roa kambana ravan'ny asa fampihorohoroana tamin'ny 11 septambra 2001.

Nanamarika ny tantara ireo tranga roa ireo, ary niteraka fiovana lehibe tamin'ny fifandraisana ara-pôlitika eo amin'ny firenena rehetra manerana izao tontolo izao.

Nefa mba fantatrao ve fa misy Teboka Aotra iray hafa ? Hadino angamba izy io, nefa dia tena manan-danja be lavitra noho ireo roa voalohany ireo. Tsy inona izany fa ny havoanan'i Golgota, eo akaikin'i Jerosalema, izay nanomboana an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, teo amin'ny hazofijaliana, roa arivo taona lasa teo ho eo izay. Tamin'io andro io ny olombelona no nanilika Ilay nirahina hitory ny fitiavan'Andriamanitra. Fa tamin'io andro io koa no nanoloran'i Jesosy Kristy ny ainy mba hamonjeny ny ain'ireo izay mitoky aminy. Noraisiny ho toy ny fahotany ny fahotan'izy ireo, ka nozakainy ny fanamelohan'Andriamanitra izany.

Ary na tsy misy aza ny „taona Aotra", dia mizara roa mazava ny vanimpotoana : taloha sy taorianan'i Jesosy Kristy. Koa efa roa arivo taona izao, dia Kristy no fototry ny fiadanana sy fifalian'olona marobe. Afaka ho izany koa Izy androany, ho anao. Eritrereto tsara ; aza lalovana fotsiny ny zava-dehibe indrindra eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.